

# Boky fampiofanana laharana 3 Fanapariahana ireo tetik'asa loharanom-bola (TAL)



TETIK'ASA OIT-SAVABE, Faritra SAVA

# Inona moa no antsoina hoe tetik'asa loharanom-bola?

- . Ny antsoina hoe tetik'asa loharanom-bola dia asa atao hampidiram-bola, mety ho varotra na asa tena. Mila olona, vola, fitaovana ny fanatanterahana azy io.



# Fa nahoana isika no mila manao tetika’asa loharanom-bola?

**1. Mila manana asa raikitra:** Ny fananana TAL dia ahafahana manana fidiram-bola sy asa maharitra raha tsara tantana.

**2. Mameno ny filàna ao antokantrano:** Ny TAL dia ahafahana manana fajhaleovan-tena ara-bola sy ahafahana mameno ny filàna ao an-tokantrano.





# Ahoana no fomba hiaingana amin'ny TAL (1)?

**Dingana 1: Mieritreritra tsara izay tetik'asa ho vinavinaina**

Mila mandinika lalina izay tetik'asa afaka tanterahana eo an-toerana sy ahazoana tombom-barotra.




**Etape 2 : faire une étude de marché**
**Dingana 2: Manao fandalinana ny tsena**

Ny fandalinana ny tsena dia ahafahana mamantatra ny manodidina ny toerana hanaovana ny TAL. Mila jerena tsara ny fifaninanana na ny adversera efa misy.




# Ahoana no fomba hiaingana amin'ny TAL (2)?

**Dingana 3: Soritana tsotsotra ilay tetik'asa**

Valiana ireto fanontaniana manaraka ireto:


- Inona no eritreretina hatao? Faritana mazava izay tetik'asa tiana hatao (voly avotra, asa tena, varotra, tsenakely…)
- Aiza ny toerana hiasana na hivarotana?
- Iza no hanjifa ny vokatra?,
- Fotoana hanatanterahana azy? Fanombohana, faharetany, vanim-potoana mety amin'ny asa
- Inona ny tanjona andrandraina?



# Ahoana no fomba hiaingana amin'ny TAL (3)?


**Dingana 4: Dinihana tsara ireo mety hanjifa ny vokatra**

Kajiana sahady ny mety habetsahan'ny olona liana hanjifa ny vokatra. Afaka manao fitsidihana tokantrano hampahafantarana ny vokatra raha ilaina.



**Etape 5 : identifier ses fournisseurs**
**Dingana 5: Fisafidianana ireo mpamongady hiaraha-miasa**

Jerena daholo izay mpamongady misy eo an-toerana ary safidiana izay ahazoana tombony kokoa: tsy sarotsarotiny, manome antoka, faharetan'ny livraison, fandoavam-bola…



# Ahoana no fomba hiaingana amin'ny TAL (4)?


**Dingana 6: Mila manana fahaiza-manao**

Tena ilaina ny fananana fahaiza-manao raha te hahomby. Afaka manaraka fiofanana na fianarana asa any amin'ny olona mahafehy tsara ilay asa, raha ilaina.

**Dingana 7: Manao kajikajy ny vola ilaina**

Kajiana izay vola mety ho lany amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa. Mila jerena mialoha ny vidin'entana sy ny fitaovana ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa.



# Ahoana no fomba hiaingana amin'ny TAL (5)?

**Dingana 8: Mametraka fond de démarrage na renivola**

Aorian'ny fikajiana ny vola ilaina, dia mila mamory ny hoenti-manana amin'izay hanombohana ny tetik'asa. Afaka misafidy na:

- hivarotra ampahany amin'ny fananana ao an-tokantrano, na:
- hindram-bola any amin'ny mpampindram-bola.



# Ahoana no fomba hiaingana amin'ny TAL (6)?

**Dingana 9: Vidiana ireo fitaovana ilaina hanombohana ny tetik'asa**

Atao anaty lisitra ireo fitaovana rehetra ilaina hanaovana ny asa.lAvy eo, mila fantarina tsara ireo mpivarotra ahitana ireo fitaovana ireo amin'ny vidiny mirary. Raha fanodinana vokatra no hatao, dia mila manaraka ireto fepetra manaraka ireto:



# Raha fanodinana vokatra hamidy(1)

**1 - Mamokatra mba hamidy**



Mila manana vokatra tsara manaraka ny fepetra sy ny fitsipika mifehy ny famokarana.

**2 - Mivarotra ny vokatra**



Mila mahay mifandray sy misarika ny client ary mahay manao dokam-barotra

# Raha fanodinana vokatra hamidy(2)

## 3 - Mila madio

Mila mitandro ny fahadiovana amin'ny lafiny rehetra: ara-batana, ara-pitaovana, trano…

